Gazette Tohiravina 5-Février.pdf 1 27/02/2025 13:40:30

GAZETY
tohiravina
TERAKA

N°05 - Février 2025

www.teraka.org - maimaimpoana, tsy azo amidy

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA: 1.Marina / 2.Mahitsy / 3.Mangarahara / 4.Miasa an-tsitrapo / 5.Miasa amin’ny fifanompoana / 6.Miasa amin’ny teti-bola ambany hahazoana vokatra lehibe / 7.Samy tompon’andraikitra



TERAKA: Hazo, ala, ary rano koa ho an’ny tanintsika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao amin’ity gazety ity

1. NY FANDAHARANASA TERAKA SY NY MAMPIAVAKA AZY
2. NY HAZO SY NY ALA VE ANISAN’NY MANDRAY ANJARA AMIN’NY FIFORONAN’NY ORANA?
3. FAMATSIM-BOLAN’NY CEPF, SAF/FJKM, TETIK’ASA TSIMOK’ALA: LOHARANO NIPOIRAN’NY TERAKA TANY AMORON’I MANIA
4. FOMBA FAMAHANA OLANA SY FITARAINANA TERAKA

Mihakely ny orana ary maina ny tanintsika. TERAKA dia ahafahantsika mampaharitra ireo zava-mahatalanjona entin'ny alantsika satria ny ala dia tsy natao ho hazo ho kapaina fotsiny. Amin'ity volana ity dia ho asongadintsika io fifandraisana mahagaga eo amin'ny hazo sy ny rano io, ary koa ireo soa toavin'ny fandaharanasantsika toy ny fifampizarana sy ny fifanakalozana, ny fitokisan'ny mpiaramiasa mamatsy vola antsika ary ny fivelaran'ireo mpikambana. Ato anatin''ity laharana fahadimy ny Tohiravina ity dia hamaly ireo fanontaniana matetika miverina avy aminareo izahay ary hanome anareo ireo fomba ahafahana mandray izay mety ho fitarainana avy aminareo ihany koa.

Gazette Tohiravina 5-Février.pdf 2 27/02/2025 13:40:30

1. NY FANDAHARANASA TERAKA SY NY MAMPIAVAKA AZY

Ny fandaharanasa TERAKA dia fandaharanasa manome lanja ny fahaiza-manao sy fandraisana andraikitry ny tsirairay. Anisan'ny isehoan'izany ny fanokanana fotoana ho amin'ny fifampizarana traikefa sy fomba fanao tsara mandritra ny fivorian'ny Klastera. Maro amin'ireo mpikambana efa manana traikefa ara-teknika no mizara amin'ireo mpikambana hafa ny fahaiza-manaony sy ny fomba fanao tsara hainy. Misy ihany koa ny fifampitsidihana ho amin'ny fifampizarana ataon'ireo samy mpikambana amin'ny Vondrona Madinika izay ahafahan'ny samy mpikambana mifanoro hevitra sy mifampizara traikefa. Ankoatr'izay, ny fandaharanasa TERAKA ihany koa dia sehatra iray manome lanja ny fandraisana anjaran'ireo mpiara-miombon'antoka.



Miara-miasa akaiky amin'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny tontolo iainana toy ny DREDD, ny tomponandrikitra any ifotony toy ny Kaominina sy ny fokontany, indrindra fa ireo tantsaha izay mpikambana ao anatin'ny fandaharanasa.

Ny Alakamisy 20 Febroary 2025 dia nametraka ny filan-kevi-pitarihany ny fandaharanasa TERAKA. Izany no natao dia mba hahafahan'ny tantsaha mpikambana mandray anjara amin'ny famolavolana sy ny fanaraha-maso ny fandaharanasa. Io filan-kevim-pitantanana io dia ahitana ny solontenan'ireo tantsaha mpikambana ary isian'ny fifandimbiasam-pitarihana izay miantoka ny fihainoana ny hevitry ny tantsaha. TERAKA noho izany dia azo lazaina fa sehatra iray andraisan'ny rehetra anjara amin'ny fitantanana. Raha te handray anjara ianao dia amporisihinay hisoratra anarana ho mpitarika eo anivon'ny vovonam-bondrona any amin'ny toerana misy anao.

Marihina arak'izany fa ny fandaharanasa TERAKA dia miasa ao anatin'ny fangaraharana. Ireo tahirin-kevitra mahakasika ny fandaharanasa dia azo tsidihina ao amin'ny tranonkala TERAKA: www.teraka.org izay nadika amin'ny teny Malagasy sy Frantsay.

2. NY HAZO SY NY ALA VE ANISAN'NY MANDRAY ANJARA AMIN'NY FIFORONAN'NY ORANA?

Ny ekolojia dia mampiseho fa ny hazo sy ny ala dia tena manan-danja amin'ny fitahirizana ny rano, izany hoe sady mandray anjara amin'ny fitahirizana ny rano ao anaty tany izy ireo no mahatonga ny fiforonan'ny rahona.


Ny fototry ny hazo dia ahafahan'ny rano miditra any anaty tany. Raha tsy misy ny hazo, dia mandriaka ny rano ary mitondra ny tany miaraka aminy. Rehefa misy kosa ny ala, dia afaka miditra lalina any anatin'ny tany ny rano, mankany amin'ny loharano ambanin'ny tany ary mamelona ny lava-dranontsika. Noho izany, ny tsy fisian'ny hazo dia miteraka fahaverezan'ny rano amin'ny renirano mandritra ny fotoanan'ny orana. Ny hazo dia manana anjara toerana amin'ny fihazonana ny rano amin'ny alalan'ny fotony, ary noho ny alokaloky ny hazo dia manampy ihany koa izy amin'ny fitazonana ny hamandoana.

Etsy andanin'izany, ny hazo dia mandray anjara amin'ny fiforonan'ny rahona noho ny hatsembohan'ny hazo izay antsoina amin'ny teny vahiny hoe "evapotranspiration". Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny faka dia mitroka ny hamandoan'ny tany, avy eo ny hazo dia mandefa ny rano amin'ny endrika entona eny amin'ny atimosfera, izany dia mahatonga fiforonan'ny rahona. Ny orana arak'izany dia vokatry ny hamandoana eny amin'ny rivotra. Rehefa mahatratra ny taha tokony ho izy ny hamandoan'ny rivotra dia miforona ny orana ary miverina milatsaka ety ambonin'ny tany.

Ny sary izay hitantsika manaraka dia mampiseho hoe manahoana ny fandraisan'ny hazo anjara amin'ny fiforonan'ny rotsak'orana. Arak'izany, mifandray akaiky ny hazo sy ny orana, arakaraky ny mampisy orana no mampitombo ny hazo, ary arakaraky ny fisian'ny hazo no mahabetsaka ny orana.

Izany indrindra no mampirehareha antsika miaraka amin'ny TERAKA, fandaharanasa izay ahafahantsika mampisitraka rotsak'orana ho an'ny taranaka sy hanamaivana kokoa ny haintany.

TERAKA



Gazette Tohiravina 5-Février.pdf 3 27/02/2025 13:40:31

3. FAMATSIAM-BOLAN'NY CEPF, SAF/FJKM, TETIK'ASA TSIMOK'ALA : LOHARANO NIPOIRAN'NY TERAKA TANY AMORON'I MANIA

CEPF, SAF/FJKM, Tsimok'Ala, teny mety efa henonao matetika ary raha mahatsikaritra ianao dia misy ireo teny ireo ery amin'ny ilan'ny havanana, ambanin'ny pejy faran'ity gazety vakinao ity. Inona tokoa moa no ifandraisan'ny TERAKA amin'izy ireo? Izany no ho voaboasana ato amin'ity andinin-dahatsoratra ity. Resy lahatra tahaka ny fandaharanasa TERAKA fa ny fandraisana andraikitra amin'ny fitantanana sy ny fiarovana ny tontolo iainana dia manan-danja tokoa ho fanarenana ny tontolo iainana, ny CEPF (Critical Ecosystem Partnership Fund) dia mamatsy vola ireo tetikasa izay sady mampiroborobo ny fiarovana ireo faritra manan-karena zava-boahary saingy tandindomin-doza noho ny fanimbana na fampiasana tsy maharitra no mijery akaiky ny filàna sy ny fiveloman'ny mponina eny ifotony. Noho izany indrindra no nahavoafidy ny fandaharanasa TERAKA tao anatin'ny tetikasa 150 taty amin'ny faritry ny ranomasimbe Indiana hahazo ny famatsiambolan'ny CEPF mandritra ny 2 taona. Io tetikasa izay antsoina hoe Tsimok'Ala io dia mahakasika manokana ny faritra amoron'ny ala arovana any Marolambo Fandriana izay any amin'ny Faritra Amoron'i Mania. Ny SAF/FJKM (Sampan'Asa Fampandrosoana FJKM) no tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ny tetikasa eto Madagasikara. Noho io famatsiam-bola io, ny fiaraha-miasan'ny PARTAGE, ny orinasa iTERAKA ary TSIRY MADA dia afaka



nanomboka ny fandaharanasa TERAKA, izay mikendry ny hampiroborobo ny fambolenkazo sy hanatsara ny fahaiza-mitariky ny tantsaha.Ny volana Novambra 2024 lasa teo moa dia nanao fitsidihana sy fifanakalozana ifotony mihitsy izy ireo. Nirindra sy nanan-karena fifanakalozana ny fitsidahan'izy ireo na ho an'ireo rantsana mpanatanteraka na ho an'ireo tantsaha nisitraka ny tetik'asa nandritra izay herin-taona sy tapany izay. Taorian'ity fitsidihana ity, ny SAFF/FJKM dia nahatsikaritra fa hazo fihinam-boa no ambolen'ny ankamaroan'ny tantsaha ary vitsy no mamboly hazo zanatany sy hazo ala. Namporisika ny tantsaha izy ireo arak'izany mba hamboly hazo zanatany sy hazo ala. Amin'ny anaran'ireo tantsaha mpisitraka ny famatsiam-bola rehetra, izahay dia manolotra ny teny fankasitrahana ny SAFF/FJKM noho ireo fanohanana sarobidy tanterahiny.

4. FOMBA FAMAHANA OLANA SY FITARAINANA TERAKA

Ny dingana famahana ireo fitarainana dia novolavolain'Iteraka mba ahafahanan'ny mpikambana sy ny mpiara-miasan'ny TERAKA mampahafantatra amin'ny fomba ofisialy ny fitarainana any amin'ny mpitantana an' iTERAKA. Ireo fomba famahana ny olana voasoratra ato dia afaka ovaina sy hatsarain'iTERAKA mba hanaraka ny zava-misy eny anivon'ny fiaraha-monina. Ny dika farany amin'ity fomba fiasa ity dia ho hita ao amin'ny antotan-kevitra tokony ho fantatry ny Vondrona Madinika TERAKA ary ny tranonkalan'ny www.teraka.org
Fanavaozana ny 04/02/2025

Fantsona maro no afaka ampiasaina mba hanambarana ny fitarainana:
- An-taratasy amin'ny adiresin'ny orinasa eto Madagasikara ao amin'ny Lot 65 A ter F Andranaro, Antehiroka, Antananarivo 105
- Amin'ny alalan'ny finday laharana :
  +261 (0) 34 88 142 36
  +261 (0) 32 03 945 00
  +261 (0) 33 50 854 11
- Amin'ny alalalan'ny tranokala: www.teraka.org
- Mandritra ny fivorian'ny Klastera, na mandritra ny fivorian'ny vondrona madinika.

Rehefa voaray, ny fitarainana dia ho raiketina ao anaty tahirin-kevitra "Registre de plainte TERAKA", hotombanana sy hampitahaina amin'ny politika ankapoben'i TERAKA. Ireo olana sy fitarainana rehetra dia hodinihin'ny mpiasa sy ireo lehiben'ny orinasa iTeraka ny famahana izany, ao anatin'ny dingana voalohany.
Raha toa ka tsy azo atao amin'ny fotoana fohy ny vahaolana novolavolain'ny mpiasa ao amin'ny iTeraka, dia hodinihina mandritra ny fivoriana manokan'ny Filankevim-pitarihana sy/na ny filankevitra teknika ny fitarainana,hamolavolaina ireo soso-kevitra ho an'ny lehiben'ny orinasa iTeraka. Ny mpiara-miasa amin'ny TERAKA dia tokony hanome valiny ny andani ny mitaraina aoanatin'ny 60 andro. Raha afa-po amin'ny valiny ny mpangataka, dia mikatona ny fitarainana. Raha tsy izany, ny mpangataka dia afaka misafidy ny hangataka fanazavana fanampiny na hangataka fanelanelanana.
Raha mangataka fanazavana fanampiny ireo voakasika izany, iTeraka dia tokony hanome fanampim-panazavana ao anatin'ny 15 andro. Ny fangatahana fanazavana dia afaka mitohy araka ny fangatahan'ireo voakasika izany. Ho an'ny fangatahana fanelanelanana, dia hodinihana eo anivon'ny filankevi-pitantanana ny vahaolana mifanaraka amin'ny fitarainana ao anatin'ny 90 andro andraisana ny fangatahana. Raha tsy afa-po ny lafiny anakiroa (Iteraka na ny mpangataka), dia afaka mangataka ny fitsarana avy amin'ny CAMM (Ivotoerana fitsarana sy fanelanelanana eto Madagasikara) izy ireo izay hamoaka fanapahan-kevitra farany.

Centre d'Arbitrage et de Médiation de Madagascar
Chambre de Commerce et d'Industrie d'Antananarivo
20, Rue Henry RAZANATSEHENO, Antaninarenina
Antananarivo Madagascar

Raha fintinina, ny tsotra indrindra dia ny mandray ny laharana findain'ny iTeraka, ary miantso izany raha te hampandre fitarainana amin'ny iTeraka raha ilaina izany.
Marihina fa ny filankevim-pitarihana (izay horesahana amin'ny fanontana manaraka) dia nankato ity fomba famahana olana sy fitarainana TERAKA ity nandritra ny fivoariana izay natao ny 20 Febroary 2025.

Gazette Tohiravina 5-Février.pdf 4 27/02/2025 13:40:31

TRANGA MANOKANA : Fomba famahana ny olana sy fitarainana ho an’ireo mpikambana TERAKA ao amin’ny programa TSIMOK’ALA n’ny CEPF ao amin’ny Distrikan’ny Fandriana.

Ny Mpandray tombontsoa dia hizara ireo fitoriana rehetra azony miaraka amin'ny talen'ny famatsiam-bola CEPF sy ny olona mifandray amin'ny RIT ao anatin'ny 15 andro. Raha tsy mahafa-po ny mpangataka valiny omen’ny RIT, dia afaka manoratra ny fitoriana mivantana amin'ny :

- Vahoaka amin'ny tranokalan'ny UICN-NL. Ny fitoriana rehetra dia azo alefa amin'ny endrika ofisialy amin'ny alalan'ny mailaka amin'ny Komity momba ny fitoriana ao amin'ny UICN NL amin'ny mail@iucn.nl na amin'ny laharana finday : +31 (0)20 626 1732.

Azo atao ny mifandray amin’ny CEPF amin'ny alalan'ny laharan'ny fanampiana ara-etika CI ao amin'ny www.ci.ethicspoint.com na amin'ny laharana finday maimaim-poana: +1-866-294-8674.

Ny fitoriana rehetra nalefa amin'ny laharan'ny fanampiana ara-etika CI dia hanaovana fanadihadiana haingana ary hokarakaraina an-tsiambarantelo araka izay azo atao. Ny CEPF sy ny RIT dia tsy handray fepetra hamaly faty izay olona na fikambanana mametraka fitarainana toy izany amin'ny hatsaram-po

Ny olona na vondron’olona izay mifandray amin'ny lafiny ara-tontolo iainana na ara-tsosialy amin'ny tetikasa amatsiam-bolan'ny CEPF ao amin'ny fandaharanasany mitondra ny lohateny hoe

"Adaptation basée sur les écosystèmes dans l'Océan Indien", amatsiam-bolan’ny Fonds Vert pour le Climat (FVC), amin'ny alalan'ny Fonds Français. Ny Agence de Développement (AFD) ho toy ny vondrona manam-pahefana, izay efa nampiasa ny fahafahany rehetra amin'ny fifampiresahana amin'ny RIT sy amin'ny alalan'ny "Hotline Éthique CI", dia afaka mampiasa ny rafitra fitoriana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy ao amin'ny AFD sy GCF.

Ho an'ny rafitra AFD, ny fitoriana dia azo alefa amin'ny:

- Famenoana ny taratasy an-tserasera ao amin'ny tranokalan'ny AFD (www.afd.fr)
- Fandefasana mailaka amin'ny: reclamation@afd.fr
- Alalan'ny taratasy mankany amin'ny anaran'ny :
  Agence Française de Développement
  Sekreteran'ny Rafitra fitantanana fitoriana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy
  5, rue Roland Barthes
  75598 Paris Cedex 12
  Frantsa

Ho an'ny rafitra GCF, ny fitoriana dia azo alefa amin'ny :

- Famenoana ny taratasy an-tserasera ao amin'ny tranokalan'ny GCF
- Fandefasana mailaka amin'ny: irm@gcfund.org
- Alalan'ny finday : +82.32.458.6585
- Alalan'ny taratasy mankany amin'ny anaran'ny :
  Mécanisme de recours indépendant
  Indepedent Redress Mechanism
  Green Climate Fund
  Songdo Business District
  175 Art Center-daero
  Yeonsu-gu, Incheon 22004

Marihina fa ho an’ny tantsaha ao amin’ny Distrikan’ny Fandriana, izay misitraka ny tetikasa TSIMOK’ALA dia tsy hanankery intsony ny fitarainana miantefa any amin’ny CEPF manomboka amin’ny Volana Jolay 2025.

IREO FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA

Anisan’ny fanontaniana matetika apetraky ny tantsaha liana amin’ny fandaharanasa TERAKA mandritra ny seminera ireto fanontaniana ireto. Indro ary itondram-panazavana eto ambany izany mba ho famaliana ny izay manitikitika antsika.

Ireo hazo efa nambolena talohan’ny fisoratana anarana ve azo raisina ao anatin’ny fandaharanasa TERAKA?

Ny hazo izay novolena taorian’ny fisoratana anarana ao amin’ny fandaharanasa ihany no azo sokajiana ho isan’ny hazo TERAKA. Izany indrindra no amporisihana antsika mba hiroso haingana amin’ny fisoratana anarana. Zava-dehibe ihany koa ny fananganana Vondrona Madinika izay ahitana mpikambana 6 ka hatramin’ny 12 mba hahatonga antsika ho mpikambana ofisialy TERAKA.

Raha misy maty ny hazonay, inona no tokony hataonay?

Rehefa misy hazo maty dia andraikitry ny mpikambana ny manosoka izany. Voalaza ao anaty fifanaraham-piaraha-miasa ifanaovan’ny TERAKA sy ny tantsaha izany.

VONDRONA MADINIKA TERAKA: 345

- Amoron’i Mania: 210
- Itasy: 119
- Alaotra Mangoro: 1
- Vakinankaratra: 15

IREO ASA MIANDRY ATSIKA AMIN’ITY VOLANA ITY

Ho antsika Vondrona Madinika TERAKA rehetra, ireto indray ireo asa miandry antsika amin’io volana ho avy io:

- Fambolen-kazo
- Fananganana sy fivorian’ny Vondrona Madinika izay ahitana mpikambana 6 ka hatramin’ny 12 ary famenoana ny taratasy fisoratana anarana
- Fikarakarana ireo hazo voavoly
- Famonjena fivoriana isam-bolan’ny Klastera

VAOVAO TSELAKA : Ho fampiroboaroboana ireo faritra iasan’ny TERAKA, dia mitady mpanampy klastera izay olo-marina, azo atokisana ary tia mifandray amin’ny tantsaha izahay. Tsara kokoa raha olona any amin’ireo faritra iasana (Faritra Itasy, Vakinankaratra, Alaotra Mangoro, Amoron’i Mania). Miantsoa ny laharana 032 15 951 92 na tongava manatrika ny fivorian’ny TERAKA izay akaiky anao.

GAZETY tohiravina
TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo
Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : ANDRIAMBOLATIANA Irina - RASOARIMALALA Soarifetra Fenosoa - Cédric HOBINIRINA de FOUCAULT - RAKOTONIAINA Nambinina - RATSIFARITANA Nivo
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
+261 (0) 34 88 142 36 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11
Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM